# AMPITAPITAOUU!

Laharana 2 - 2022



## TANORA MANDRAY ANDRAIKITRA, TANORA SALAMA

**TOKANTRANO SY TARANAKA**

- Zo sy adidy ny hisafidy ny mahakasika izany, *p.1*
- Tombontsoan'ny fandraisana andraikitra, *p.2*
- Zo arovan'ny lalàna, *p.2*

**FAHASALAMANA, ZON'NY TANORA ENY AMBANIVOHITRA KOA!** *p. 4-6*

**TOMBANO KELY HOE...**

- Ny Tranoben'ny Tanora, *p.7*
- Ny Mpanabe Olon-tsahala, *p.10*

# TOKANTRANO SY TARANAKA



## Zo sy adidy ny hisafidy ny mahakasika izany



### Maniry ny hanorina tokantrano sy hiteraka ve ianareo rahatrizay?

**Zaka:** *Rehefa nieritreritra sy nandini-tena aho, toa tsy mety amiko io taranja iray io.*

**Ony:** *Tena maniry mafy mihitsy aho, mangetaheta mihitsy.*

**Sariaka:** *Maniry aho raha manana ny hoenti-manana ho amin'izany.*



### Rahoviana ianareo no mieritreritra hiroso amin'izany tokantrano izany?

**Ony:** *Raha ny sitrapoko vao ampy taona aho dia hiroso. Miandry «top» fotsiny hoe vonona ara-batana sy ara-tsaina ary ara-pihetseham-po.*

**Sariaka:** *Hamita fianarana aho aloha dia rehefa avy niasa herintaona na roa taona any ho any. Tokony mba efa hanana ny hikarakarana tokantrano tsara aho amin'izay.*

### Hiteraka avy hatrany ve ianareo rehefa vita mariazy sa hiandry kely?

**Ony:** *Tonga dia hiteraka koa, ny hanambadian-kiterahana, hiandriandry amin'ny ahoana?*

**Sariaka:** *Aleoko aloha miandry herintaona na roa. Arak'ilay fitenenana hoe 'hanorina tokantrano', mbola misy fifankazarana ao, mbola vao manorina e, aleo entina miandalana. Sady mila manangom-bola fa tsy vitan'ny ariary folo ny fitondrana vohoka sy fitaizana.*

**Atao firy ny ankizy?**

**Ony:** *Roa ihany ka. Amin'ity fiainana efa mafy ity, tena tsy mety intsony ny fito lahy sy fito vavy. Lahikely sy vavikely iray avy ihany amin'izay voakolokolo tsara.*

**Sariaka:** *Izaho kosa aloha raha hiteraka ihany, tena tiako ny maro an-trano. Dimy sa enina? Izany no mahatonga ahy hifofotra hianatra. Rehefa mahita asa tsara ve tsy ho afaka ny hikarakara tsara azy rehetra, na tonga fito aza ve haninona...*







## AMPITAPITAO!

**ZO SY ADIDIN'NY OLON-DREHETRA NY HISAFIDY:**

- ny hanorina tokantrano na tsia.
- ny hanan-janaka na tsia.

**RAHA TAPA-KEVITRA NY HANORINA TOKANTRANO SY HANAN-JANAKA IZY DIA ZO SY ADIDINY KOA NY HISAFIDY:**

- ny isan'ireo menaky ny ainy.
- ny fotoana hiterahany azy ireo.

**Dia inona avy no fepetra ho raisinareo ahatongavana amin'izany?**

**Zaka:** *Hitandrina hatrany eo amin'ny fitondran-tena. Dia hamita fianarana ampy ahafahana hahaleo tena sy hahavita tena tsara.*

**Ony:** *Hitandrin-tena mandra-piditro amin'ny tokantrano. Rehefa tafiditra amin'izay, dia atao koa izay mety mba ho ampy tsara ny fotoana manelanelana ny iterahana an'izy mianadahy kely. Amin'izay mba samy ho salama tsara na ry izy ireo na izaho hitondra vohoka. Ny fiainana tsy mora mila atrehana. Firy taona moa?*

**Sariaka:** *Roa taona farafahakeliny izy izay. Izaho koa handamina tsara an'izany arakaraka ny fahavononan'ny tokantranoko handray ireo vahinikely. Rehefa milamina tsara izahay mivady ka manana mihoatra ny ariary folo dia ahato kely aloha ny fomba fandrindrana fiainam-pianakaviana. Dia asesinay ohatr'izay foana e...*

# TOKANTRANO SY TARANAKA

## Tombontsoan'ny fandraisana andraikitra

REHEFA SAMY MANDRAY ANDRAIKITRA NY TSIRAIRAY AVY MANOLOANA ireo safidy mahakasika ny fanorenana tokantrano sy ny fananana taranaka – izany hoe, hiroso amin'ny tokantrano sa tsia; hiteraka sa tsia; raha hiteraka, dia atao firy; ary atao amin'ny oviana – dia:

- Hanana fahafahana ny hanohy sy hamita fianarana araka ny tokony ho izy ary hahazo diplaoma,
- Ho tafita sy hanana asa mendrika mifanaraka amin'ny tanjona napetrany,
- Hanana fahafahana ny hankafy ireo vanim-potoana rehetra lalovana eo amin'ny fiainana dia ny fahazazana, ny fahatanorana ary ny fahalebeazana,
- Ho andry azon'ny ankohonany sy ny fiarahamonina iankinana, ary
- Hanana fahafahana hanatsara ny fiainany ka hamela lova sarobidy ho an'ireo taranany aty aoriana.





## AMPITAPITAO!

- **Rehefa afaka mandray anjara sy andraikitra amin'ny fandaharanasa momba ny fahasalamana natao ho azy ireo ny tanora dia lasa mahomby kokoa ireo fandaharanasa ireo.**
- **Rehefa mahomby ny fandaharanasa momba ny fahasalamana dia mitombo ny isan'ireo tanora afaka ny ho lasa olom-banona indrindra indrindra ireo any ambanivohitra. Mihamaro araka izany ny tokantrano tsara fototra sy ny taranaka vanona ary izany dia mampandroso ny fiarahamonina.**
- **Ary rehefa miampitampita sy lovain-jafy ireo anjara biriky fanatsarana entin'ny isam-batan'olona sy ny fanakaviana ary ny fiarahamonina dia ny ho avin'ny firenena iray manontolo no hanomboka hamiratra.**

# TOKANTRANO SY TARANAKA

## Zo arovan'ny Lalàna laharana 2017-043



NY ZO HISAFIDY NY HANORINA TOKANTRANO sy hanan-janaka na tsia, sy hanapaka ny isan-jaza sy fotoana hiterahana azy ireo dia **arovan'ny lalàna malagasy.**

Ny andininy faha-3 ao amin'ny **Lalàna laharana 2017-043** dia mametraka mazava fa zo fototra ny fahafahana misafidy ny hiroso amin'ny tokantrano sy hiteraka na tsia, ny hanapaka ny isan'ireo zaza ateraka ary ny fotoana hiterahana azy ireo.

**Zon'ny Malagasy tsy vaky volo izany ka tsy azo esorina aminy mihitsy izany na inona na ino-na antony.** Na iza na iza izy, na inona na inona volon-kodiny, na firy taona na firy taona izy, na lahy izy na vavy, na manan-karena izy na tsia, na inona na inona finoany, na inona na inona foko iaviny, rehefa mbola eto Madagasikara dia afaka misitraka an'io zo io.



- Raha misy tsy mety tsikarintsika, zontsika ny hiteny.
- Raha misy fanatsarana hitantsika, zontsika ny haneho hevitra.
- Zontsika ihany koa ny hanontany mikasika ny fa-natanterahana izany lalàna izany!

**Zarao, resaho ny fahalalana vao avy norantovinao!**

**AMPITAPITAO!**

# FAHASALAMANA

## Zon'ny tanora any ambanivohitra koa

TOY NY FAHALALAHANA HISAFIDY NY MOMBA NY TOKANTRANONY sy ny taranany dia zon'ny Malagasy rehetra tsy an-kanavaka koa ny handray izay fepetra rehetra heveriny fa hitondra azy ho amin'ny fahasalamana. **Tsy azo lavina na esorina amin'ny olona mihitsy io zo ananany io.** Ary indrindra indrindra, **tsy azo atao ny mandà izany noho ny fanavakavahana** mifototra amin'ny taona, ny mahalahy na vavy, ny harena, ny volonkoditra, ny fivavahana, ny foko, ny sata ara-panambadiana na ny sata hafa, sns.



Na dia eo aza izany dia misy ihany ireo karazan'olona sasany izay azo lazaina fa tsy voaahy amin'io zony io. Eo ireo olona tsy afaka nandia fianarana firy na nanajanona fianarana teny amin'ny sekoly ambaratonga fototra. Ao koa ireo olona manana fahasembanana ara-batana na ara-tsaina. Mbola tafiditra amin'izany koa ireo olona miaina anaty fahantrana lalina. **Ary indrisy, isan'izany sokajin'olona izany koa ny tanora any ambanivohitra.**



Ny zava-misy anefa dia ny **83%** amin'ny tanorantsika eto Madagasikara dia mipetraka any ambanivohitra.



## INONA NO HATAO?

- **Ahoana no ahafahantsika manampy ireo tanora any ambanivohitra hisitraka io zony io?**
- **Aza misalasala maneho ny hevitrao momba izany ato amin'ny AMPITAPITAOUU! fa mila anao ny tanorantsika!**

# FAHASALAMANA,

## ZON'NY TANORA ANY AMBANIVOHITRA KOA

### Ireo andry azon'ny tanora any mbanivohitra atonina

RASOA NO ANARAKO, 45 taona ary mpanentana ara-pahasalamana ety amin'ny fokontany misy anay aho. Manao vaksiny, mizara vitamina, manao fandrindram-piana-kaviana ary mikarakara ny reny sy ny zaza no asako. **Afaka sy vonona tanteraka hanampy ireo tanorantsika ny tenako!**







HERY NO ANARAKO, 32 taona ary mpampianatra amin'ny CEG. Amin'izay andraikitro izay dia mizara fahalalana sy manabe ireo ankizy atỳ an-tsekoly aho. **Raha misy tanora ivelan'ny sekoly manatona ahy, tsy ho laviko sanatria!**

ANDRY NO ANARAKO, 15 taona aho ary mpanabe olon-tsahala izany hoe manentana ireo tanora mitovy amiko rehefa alarobia hariva tsy fianarana sy ny asabotsy hariva. **Fifaliana ho ahy ny manampy ireo tanora toa ahy!**






VOARY NO ANARAKO, 27 taona ary Rasazy ao amin'ny CSB 2 aho. Mpitsabo ny asako, rehefa misy olona marary na mila fanampiana ara-pahasalamana dia raisiko an-tanana sy karakaraiko. **Mandray tanora aho mazava ho azy!**

RY TANORA ANY AMBANIVOHITRA, ireo olona voalaza ireo dia afaka manampy anao hisitraka ny zonao ho salama! Na mananosarotra aza indraindray ny misitraka ny zo sy manatanteraka ny lalàna miaro azy io any ambanivohitra dia mijoro hanampy antsika tanora hisitraka izany zo izany ireo olona ireo.

## AHOANA HOY IANAO?

- **Iza amin'ireo olona voalaza ireo no hita any amin'ny tanànanareo?**
- **Araka ny hevitrao, iza no olona mendrika indrindra hanabe ny tanora sy hizara fahalalana aminy ho amin'ny fiovam-pitondrantena?**

# TOMBANO KELY HOE...

*Ireto tantara ireto dia maneho ny vokatry ny fikarohana natao teto Madagasikara (1) sy manerana izao tontolo izao (2) momba ireo tetik'asa sy fandaharan'asa hita matetika hanatsarana ny fahasalaman'ny tanora, anisan'izany ireo tanora eny ambanivohitra.*

## Ny Tranoben'ny Tanora




"Ampy izao ny fitaovana rehetra hahafahan'ny tanorantsika mahazo fahalalana sy tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana sy hampiroborobo ny fitondrantena ara-pahasalamana...

...Misy kilalao maro isan-karazany sy boky ao ahafahan'ny tanorantsika miala voly mba hialana amin'ny fitondrantena mampidi-doza. Misy koa ny tompon'andraikitra afaka mihaino sy manome torohevitra ireo tanorantsika ireo...

... Ity trano ity dia afaka isitrahan'ny tanora maimaim-poana izany, tsy andoavam-bola ary azo antoka ho an'ny tanora rehetra."

## IRAY VOLANA TATY AORIANA...



**ZO:** Ratsila, e Ratsila! Iny leisy ilay sipa a!
**TSILA:** Aiza leisy!
**ZO:** Iny miala avy any iny!



**BAO:** 'Ndao akia fa tsy maninona izany io.
**KOLY:** Tsy sahy miditra ao aho, fa lehilahy aby no ao! Andao hiverina.
**BAO:** Andao ary e!



**JAO:** Vendrana be koa ialahy! Ao soloina!
**SILO:** Tsy misy miala izany eo!
**KOTO:** Anay leisy mba te hilalao koa.
**SILO:** Miandry ialahy!



**KOTO:** Zokibe anay koa mba te hilalao daomy...
**ZOKY:** Mitadiava zavatra hafa hatao leisy.




Alaivo sary an-tsaina hoe omena 10.000.000 Ariary ianao "hahafahan'ny tanora rehetra mahazo fahalalana sy tolotra momban'ny fahasalamana ara-pananahana sy hampiroborobo ny fitondran-tena ara-pahasalamana" ao amin'ny tanàna misy anao.

**INONA NO ATAONAO?**

# TOMBANO KELY HOE...

## Ny Mpanabe Olon-tsahala

**RIJA:** Inona izao no hataontsika androany?

**LALA:** Tsy haiko, ohatran'ny tsy ho tonga ireo namantsika androany! Izy izao nandefa "sms" tamiko fa tsy ho tonga.






**RIJA:** Ny ankizy koa anie akia dia tena manahirana mihitsy. Tamin'ny voalohany nazoto be daholo izy ireo fa toa mihena an-daharana.

**LALA:** Ny olana koa anie dia tsy dia tena mipetraka ilay andraikitsika e! Ny ankizy mitsidika ato koa milalao fotsiny ny ankamaroany no tena ahatongavany atỳ.

**RIJA:** Ny ankizy toa tsy liana loatra amintsika. Tsy matoky antsika angamba izy ireo!

---

**JAONA:** Fa inona izany no tena asanareo ity?

**RIJA:** Mpanabe olon-tsahala izahay.

**JAONA:** Dia inona izany no ataonareo amin'izany?

**RIJA:** Manentana ny tanora mitovy aminay momban'ny fahasalamana ara-panahana.





**JAONA:** Dia inona izany no tena andraikitrareo rehefa ato? Rehefa mahita olona manao akanjo mitovy amin'io manko aho dia gaga ihany, ataoko hoe miambinambina anay fotsiny ianareo?

**RIJA:** Ann tsy miambina anareo izahay fa mpanentana. Misy fotoana aza izahay mandeha any amin'ny sekoly mihintsy miresadresaka amin'ny ankizy.

**RIJA:** Tamin'ny vao niditra izao izahay dia niofana mandritra ny 4 andro momban'ny fahasalaman'ny tanora sy ny fahaiza-manao enti-miatrika ny fiainana.




**JAONA:** Izay fotsiny ve dia lasa mpanabe olon-tsahala! Dia izay izany no ampianarinareo ny tanora? Dia misy fitaovana entinareo izany rehefa mampianatra?

**RIJA:** Tsy hitan'ialahy ve ity akanjo anaovanay ity! Rehefa manao an'ity izahay dia fantatry ny tanora hoe mpanabe olon-tsahala.



**JAONA:** Mora ve sa sarotra izany asanareo izany?


**RIJA:** Somary sarotra aloha ilay izy satria mbola tsy tena hoe hita mivaingana aloha hatreto ny vokatra. Ny ankizy manko mandalo fotsiny, tsy sahy miresaka aminay loatra. Sady miasa an-tsitrapo no tsy dia manana fitaovana koa izahay. Na dia mazoto aza izahay dia ireo no sakatsakana.

**JAONA:** Hay ve....

**Alaivo sary an-tsaina hoe raha ianao no mpandrindra ny fandaharanasa mikasika ny fahasalaman'ny tanora, INONA no fomba ampiharinao mba hampahomby azy amin'ny tanjona kendrena?**

(1) Youthpower2. 2020. USAID/Madagascar cross-sectoral youth assessment.
(2) Chandra-Mouli V, Lane C, Wong S. 2015. What does not work in adolescent sexual and reproductive health: a review of evidence on interventions commonly accepted as best practices.

7




Ny gazety laharana vaovao dia hisy ny valintenin'ny mpanapa-kevitra sy lohahevitra vaovao indray.

1



Alao ny gazety. Mamakia sy mifanakaloza hevitra.

- Raha misy tsy mety ts
zontsika ny hiteny.
- Raha misy fanatsarana
zontsika ny haneho hev
- Koa andao hifanakalo h
amin'ny alalan'ny AMP




Hovakiny izany ary hohitany ny eritrerintsika sy ny hevintsika. Hanampy azy hanao drafitra vaovao sy programa tsara kokoasy mifanaraka amin'ny filantsika izany.

6

Ny fanehoan-kevitra navondr
piasaina hanaovana gazety
manaraka ity dia ho an'ny m
tra nasionaly.



2




Soraty ao amin'ny taratasy fanehoan-kevitra ny eritreritrao, ny hevitrao ary ny soso-kevitrao!

3



Avereno ilay gazety miaraka amin'ny fanehoan-kevitrao. Makà gazety laharana hafa indray!!

sikarintsika,

a hitantsika,
vitra,

hevitra
PITAPITAOUU!

4




Ny fanehoan-kevintsika rehetra dia hangonina sy havondrona hamaritana hevi-dehibe iraisana.

rona dia ham-
y vaovao, ity
npanapa-kevi-



5



## Samia salama

Misy zavatra horesahina izay tsara ho tadidy
Tsy voaresaka matetika kanefa tena sarobidy
Tsy inona akory, fa ny fahasalaman'ny tanora
Mila resahina sy arovana isan'andro isan'ora

Ka inona ary no hatao, mba hiarovana izany?
Sa ve dia hoe samy manao izay fantany any?
Tsia, tsy izay, fa ireto misy fepetra
Tsy dia sarotra e, sady mety amin'ny rehetra.

Ny vahaolana amin'izany dia tsotra ihany
Ny tanora ihany no mahalala an'izany
Manam-pahaizana izy ireo amin'io tenany io!
Ka hiandrasana an'iza ary io zavatra io.

Aoka tsy ho ambaniana ny feon'izy ireo
Aza andrasana fety re fa tonga dia vonjeo
Ny samy tanora no ampio hifanohana
Aza atosi-boho tanana fa andao havotana!
Tohano izy ireo omeo ny fitaovana rehetra
Fiofanana sy vola, ny entana tsy voafetra
Andraikitr'izy ireo izany, saingy mba jereo ihany
Ny kalitao tsara anie dia ny fahampian'izany

Omeo tso-drano izy ireo hanao ny adidy izay atrehiny
Dia tohano amin'izay fa mbola lava ny halehany
Raha izany no tanteraka sy hilamina tsara
Dia ho sambatra isika eto Madagasikara!

*- Lanja Godefroy & Tahiry Anjarasoa,*
*Tanora Mpitarika ao Ambositra sy Fianarantsoa*

